18

# NY SOKAJIN-TENY: NY MPISOLO TOERANA

## TANJONA

- Manakatra amin'ny ankapobeny ny tombon-kevitra entin'ny hasimpeo ao amin'ny mpisolo toerana.

## LESONA HOTADIDINA

Inona no antsoina hoe "Mpisolo toerana" dia ireo teny entina milaza na misolo toerana tsy voafaritra mazava tsara. Tsy mitovy endrika avokoa akory ny mpisolo toerana rehetra. Misy fahasamihafana eo amin'ny renifeo anivon-teny sy zanapeo faran-teny ao aminy. Arakaraka ny fahasamihafan'ny endrika ireo no mahasamihafa koa ny heviny.

Ireo fahasamihafan'ny endrika sy hevitra ireo dia mifanandrify indrindra amin'ny halaviran'ny toerana tondroin'ilay mpisolo toerana. Marihina fa ny mpisolo toerana dia afaka miaraka amin'ny mariky ny fotoana lasa/tsy lasa( ankehitrinyna ho avy ): t-/ø-

Ohatra:

- t-ao / ø-ao
- t-aty/ ø-aty

INONA ARY NO HANAVAHANA NY MPISOLO TOERANA AMIN'NY SOKAJIN-TENY HAFA?

- Fantarina izay reninteny entina milaza na misolo toerana tsy voatondro mazava tsara.
- Jerena izy fa manomboka mandrakariva ami'ny zanapeo /a/ na /e/, ary miafara amin'ny zanapeo /o/ na /y/ .
- Dinihana tsara fa mety ho / ø /, /t/, /ts/, /r/ na /n/ ny renifeo eo anelanelan'ireo zanapeo ireo, arakaraka ny halaviran'ny toerana tondroina.
- Hamarinina izy raha afa-miaraka afaka miaraka amin'ny mari-potoana lasa/ tsy lasa (ankehitriny, hoavy).

**Sahanasa 1**

Jereo ireto fehezanteny ireto:

F1: Nandeha nilalao tany Isoa.

F2: Miandry omby any an-tsaha ny ankizy.

F3: Nihinana sakafo tao I Dada.

F4: Eny ihany izy fa tsy mandalo.

F5: Tatsy an-doharano izy no natsaka.

1)Avaho izay teny entina misolo toerana tsy voatondro mazava amin'ireo fehezanteny ireo.

2)Inona avy ny zanapeo iandohana sy iafaran'ireo teny hitanao ireo?

3)Alaharo araka ny halaviran'ny toerana soloiny ireo teny hitanao ireo.

4)Ampiharo amin'ny filazam-potoana lasa/ tsy lasa ireo teny misolo toerana hitanao ireo raha mety.

**Sahanasa 2**

Fenoy mpisolo toerana ny banga amin'ity ampahan-dahatsoratra ity.

Nandeha naka rivotra ….. ry Ranaivo mianakavy. Nitondra fiarakodia ry zareo. Ny zanany telo mianadahy no ….. afara. Izy mivady kosa no ….. anoloana. …… Toamasina ry zareo no nitsangatsangana. Samy sambatra avokoa ry zareo …… Manana volabe …. am-pelatanana moa ry zareo ka tsy sahirana. Feno haravoana mandrakariva ny …. an-tokatranony. Tsiriritin'ny olona ny fiainany …. an-tanana.

**Sahanasa 3**

Nandeha teny an-tsena izahay omaly. Foara mantsy tany aminay. Nisy rindran-kira nitalakotrokotroka tao. Afapo avokoa ny mpiantsena rehetra. Nividianan'I Neny mofo teny amin'ny mpivarotra iray aho. Hafaliana no nameno ny foko. Velom-pisaorana an'I Neny ny vavako teo.ravo tanteraka koa izy tamin'izay. Nitera-bokatsoa, hono, ny fianarako tatÿ an-drenivohitra. Tsy halàny ao amin'io sekoly io hono aho.

1) Tsipiho izay teny misolo toerana tsy voatondro mazava hitanao ao amin'io ampahan-dahatsoratra io.

2) Raha dinihana ireo teny voatsipika ireo , inona avy ny zanapeo hiandohany?

3) Alaharo arak any halaviran'ny toerana tondroiny ireo, manomboka amin'ny akaiky makany amin'ny lavitra indrindra.

4) Inona no mariky ny fotoana hitanao amin'ireo teny misolo toerana ireo? Omeo ny mariky ny fotoana mifamaly amin'izany.